TSIBAHAKA

Anarana siantifika: *Propithecus coronatus*

Ny Tsibahaka dia karazana varika somary kelikely, izay mavitrika mandritra ny andro ary miaina ny ankamaroan'ny fotoanany eny ambony hazo. Miaina anaty vondrona ahitana tsibahaka 2 hatramin'ny 8 izy ireo, ary tsikaritra fa mahery setra, indrindra rehefa miaro ny faritra fonenany! Ny sakafony kosa dia ireny ravin-kazo, tsiry ary voankazo mbola tsy masaka tsara ireny.

Toetry ny fiarovana azy

Ny Tsibahaka dia isan'ireo biby, eo mbavan'ny faharinganana na **Critically Endangered** ao amin'ny lisitra mena an'ny IUCN noho ireo isany izay mihena haingana dia haingana, sy ireo vondron'izy ireo izay hita manalavitra amin'ny vondrona hafa.

Faritra jeografika

Ity karazanà varika ity dia hita any amin'ny faritra Avaratra Andrefan'i Madagasikara, eny amin'ny ala mainan'ny lemaka, ary indraindray koa eny amin'ireo ala honko amorontsiraka. Noho izy ireo mizara ny toera-ponenany amin'ny Sifak'i Von der Decken (*Propithecus deckenii*), dia misy ny mpikaroka sasany no mihevitra fa ireo karazanà roa ireo dia mety hivady ka hamorona " hybrides " !

Tsindry

Ny tena tsindry mahazo ireo dia ny fahasimban' ny ala fonenany, indrindra noho ny fanaovana tavy mba ahafahana mahazo tany hambolena sy hiompiana, sy ny fanapahana hazo hamokarana arina. Misy koa ny Tsibahaka sasany no samborina velona ka amidy amin'ny tsenan'ny biby amin'ny fomba tsy ara-dalàna.

Mpikambana LCN MIASA MBA HIARO ny Tsibahaka misy an'ny: GERP; IMPACT Madagascar

Toerana ahitana azy: Katsepy (Avaratra andrefan'i Madagasikara, 10km miala any Mahajanga), Katsepy (Avaratra andrefan'i Madagasikara, 10km miala any Mahajanga), Ankirihitra (region Boeny), Mandrava forest (region Betsiboka), Mahajeby forest (region Bongolava), ary Dabolava (region Menabe).